“Niteny Allah ilay Tsitoha manao hoe : Nozaraiko roa ny soalat eo Amiko sy ny Mpanompoko, ary azon’ny mpanompoko izay angatahiny

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A) niteny hoe : Izaho dia nahare an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “Niteny Allah ilay Tsitoha manao hoe : Nozaraiko roa ny soalat eo Amiko sy ny Mpanompoko, ary azon’ny mpanompoko izay angatahiny, ka rehefa miteny ilay mpanompo hoe : {Alhamdo lillàhi Rabbil-A'lamìne}, dia hoy Allah : Nisaotra Ahy ny mpanompoko, ary raha miteny izy hoe : {Ar-Rahmànir - Rahìm}, dia hoy Allah : Nidera Ahy ny mpanompoko, ary rehefa miteny izy hoe : "Màlik Yawmiddìn", dia hoy Allah : “Nankalaza Ahy ny mpanompoko. Ary miteny koa izy hoe : “Efa natolony ho Ahy ny momba azy rehetra”, dia rehefa niteny izy hoe : “iyyàka na'bodo wa iyyàka nastaì'n” Dia hoy Allah : “Izany no manelanelana Ahy sy ny mpanompoko, ary mpanompoko dia hahazo izay angatahiny, ka raha milaza izy : {Ihdinas-swiràtal-mostaqìm, swiràtal-lazìna an'amta a'laihim, ghairil-maghdòbi a'laihim wala-dwàllìn", dia hoy Allah hoe : Izany dia ho an'ny mpanompoko, ary ho azon’ny mpanompoko izay angatahiny".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah niteny ao amin'ny Hadith qoudsi manao hoe : Nozaraiko roa eo Amiko sy ny mpanompoko ny Sourah Al-Fatihah amin'ny swalat : Ahy ny antsasany, ary azy ny antsasany. Ny tapany voalohany : Fiderana sy fisorana ary fankasitrahana an’Allah, ary valiako amin'ny valisoa tsara indrindra Izy. Ny tapany faharoa : fitalahoana sy fangatahana dia valiako izy, ka omeko izay nangatahiny. Raha miteny ny olona manao soalat hoe: {Alhamdo lillàhi Rabbil-A'lamìne}, dia hoy Allah hoe : midera Ahy ny mpanompoko, ary raha miteny hoe: {Ar-Rahmànir - Rahìm}, dia hoy Allah hoe : Nidera Ahy ny mpanompoko, ary niaiky ny Amiko fa Izaho no nanasoa ireo zavaboariko amin'alalany fahasoavana avy amiko, ary rehefa niteny izy hoe: {Malik Yawmiddin}, dia hoy Allah : Nankalaza Ahy ny mpanompoko, ary voninahitra lehibe izany. Koa raha milaza izy : iyyàka na'bodo wa iyyàka nastaì'n}, dia hoy Allah : Izany dia eo amiko sy ny mpanompoko. Ny tapany voalohany amin’ity andininy ity dia an’Allah, izany hoe : (iyyàka na'bodo), izay fanekena ny maha-Tompo an’Allah, ary famaliana ny antsony mba hanompo Azy, ary eo mifarana ny antsasany izay an’Allah. Ny tapany faharoa amin'ny andininy dia ho an'ny mpanompo : (iyyàka nastaì'n) mangataka fanampiana avy amin'Allah sy fanavotana izay nampanantenainy. Raha miteny hoe : {Ihdinas-swiràtal-mostaqìm, swiràtal-lazìna an'amta a'laihim, ghairil-maghdòbi a'laihim wala-dwàllìn", dia hoy Allah hoe : Izany dia talaho sy fangatahana avy amin'ny mpanompoko, ary efa azon'ny mpanompoko izay nangatahiny, ary

hovaliako ny hatakany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65099